TATITRA DINGANA FAHAROA: FANADIHADIANA IFOTONY

FIRENENA: MADAGASIKARA
KAOMININA: ANTSAHAMPANO

Famintinana ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina Antsahampano

BIRAON'NY KAOMININA ANTSAHAMPANO

Antsahampano dia kaominina nahazo anarana tamin'ny taona 1816 tany ho any , Antehimorotegnany nipetraka tao Ambodibongo sendra nandeha namangy ny mpiray fiaviana taminy tany amin'ny toearana antsoina hoe Babaomby no name
etraka io ananarana io noho ny fahitany ilay "saha" feno "fano" tao ka nahatonga azy nametraka ilay ananarana hoe "ANTSAHAMPANO" . manana velaran-tany mirefy 177 km2 , manana mponina miisa 153 000. Fokontany 8 no mandrafitra an'Antsahampano dia ireto avy:

- Fokontany Antsahampano
- Fokontany Ambodimadiro
- Fokontany Atognombato
- Fokontany Ampasira
- Fokontany Mahaleja
- Fokontany Anketrabe II
- Fokontany Ambohitsimihely
- Fokontany Andranotsimety

ka ny fokontany 2 amin'ireo ihany dia efa nahafeno ny antsasaky ny isan'ny mponina ao dia tsy iza izany fa ny fokontanin'Andranotsimaty sy Antognombato. Kaominina ao anatin'ny Distrikan'i Antsiranana faharoa izy ary mirafitra toy izao ny toerana misy azy: ny ao avaratrany dia ny kaominin'Andranovondronina, ny ao atsimo kosa dia ny kaominin'i Joffre-

ville, ny ao andrefany dia ny kaominin'i Mangaoko ary farany ny ao antsinanana dia ny kaominin'Antsiranana voalohany.
Manana orinasa maventy izay mpanamboatra sira ary mamatsy an'i Madagasikara iray manontolo izay antsoina hoa LA SALINE i Antsahampano, reharehan'Antsahampano ny fisian'io orin'asa io satria ranomasina mety avadika sira izay mamatsy ny Nosy Madagasikara

Toerana misy ny OZININA mamokatra SIRA

Amin'ny fidirana amin'ny OZININA

Manana renirano tsy ritra mandava_taona ihany koa Antsahampano dia ny reniranon'Antomboka sy ny reniranon'Ambararata.
Mivelona amin'ny fiompianana sy fambolenana ary fanaratoanana ny mponina ao, ary manana toetr'andro 2 miavaka tsara dia ny "asara" manomboka ny desambra ka hatramin'ny volana avrily ary ny faharoa dia ny "varatraza" manomboka ny volana Mey ka hatramin'ny Novambra.
Ny 60 ka hatramin'ny 70% ny olon-dehibe ao Antsahampano dia olona tsy nahita fianarana avokoa ka toy izao ihany koa ny fitsinjaran'izany raha jerena ny salan'isa :
Manana hopitalim-panjakana na CSB II ihany koa izy ary sekolim-panjakana (5) ny kaominina Antsahampano dia :

- Ny EPP ao La Saline
- Ny EPP Antsahampano
- Ny EPP Antognombato
- Ny EPP Andranotsimaty
- Ny EPP Ambohitsimihely

- 25% dia vehivavy ary
- 75% dia lehilahy avokoa

Kaominina mambra ao anatin'ny "ACPU" na "Associations des Communes du Poles Urbaines de Diégo-Suarez" i Antsahampano, nanomboka ny taona 2008 dia anisany tafiditra tao izy ary nahazo tombontsoa tamin'ny famatsiam-bola avy tamin'ny "Région Picardie" toy ny CSB

II, ny "borne fontaine" ary ny vola ho an'ny Fikambanan'ny vehivavy ao amin'ny Kaominina izay ahafahan'izy ireo manao ankanin-jaza ny seza fipetrapetrahana eo amin'ny biraon'ny kaominina na amin'ny CSB II mba hipetrapetrahan'ny marary na ny mpiandry birao hisokatra ihany koa . Tamin'ny taona 2013 dia nahazo ny herin'aratra toy ny "panneau solaire " ihany koa sy ny solosaina na "ordinateur" ny kaominina ka tena hita fa fampandrosoana be ny kaominina izany raha tsy nisy afa-tsy masinina tsotra teo aloha.

Tanjak'ilay kaominina eo amin'ny fampidirana ny miralenta

Ny fananan'ilay kaominina toro mikasika ny taratasy fananan-tany,ny fananany ny fikambananm-behivavy sy ny fikambanan'ny tanora lahy sy vavy, ny fandraisan'anjaran'ny lehilahy sy vehivavy anjara amin'ny fitantanana ny paompy na "borne fontaine".
Ary hita taratra ihany koa ny mpiasan'ny kaominina fa mifanentana tsara na dia somary manatombo aza ny vehivavy raha (11) ny vehivavy mpiasan'ny Kaominina Antsahampano ary (9) ny isany lehilahy.

Fahalemena

- Tsy fananana teti-bola manokana atokana ho an'ny Miralenta .
- Tsy misy vehivavy mihintsy ny mpanolo-tsaina ao amin'ny Kaominina
- Tsy misy vehivavy mihintsy ihany koa ny Filohan'ny Fokontany.

Valin'ny "carte des scores" (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

Tanjona	**Naotynomen'nykaominina (%)**	**Naotynomen'ny Gender Links (%)**	**Naotyifanarahana**
Sehatry ny pôlitika	04		
Fitondram-panjakana	0		
Fandraisana anjara	0		
Fandraisana anjara ny vahoaka	04		
Fandaharanasa manokana hoan'ny vehivavy sy ny lehilahy (fanotaniana 2 (4+4)	08		
Famatsiana sy fandraharahana	03		
Fiovaovan'ny toetrandro sy fampandrosoana maharitra (fanotaniana 2) (4+4)	08		
Trano fonenana	04		
Fahadiaovana	03		
Fahasalamana	04		
VIH SIDA sy fikarakarana ny marary (fanotaniana 2) (3+4)	07		
Fandrosoana eo amin'ny fiananam-piarahamonina	02		
Fampidiranany resaka Miralenta eo amin'ny fandaharana asa efa ataon'ny Kaominina: fanotaniana 3 (2+2+2)	06		
Fandraisana mpiasa	04		
Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana (fanotaniana 2) (1+5)	05		

Rafim-pitantanana ny miralenta	0		
Fanaraha-maso tombana	01		
Fitambarany	**63**		

FANADIHADIANA IFOTONY

SEHATRY NY POLITIKA

Fantatry ny kaominina ve ireo fifanarahana atao eto amin'ny firenenana eo amin'ny faritry ny Rano masimbe Indianinana amin'ny iraisam-pirenena toy ny tamin'ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana ary ny pôlitika hampitoviana hasina ny lahy sy ny vavy?

Fantatr'izy ireo ny fifanarahan'ny firenena fa saingy tsy ampy ilay fahalalany, ka ny fandalovanay mpanamora tany an-toerana no nahaizan'izy ireo bebe kokoa ny atao hoe miralenta ohatra: efa nisy nandray anjara ny mpiasan'ny kaominina tao Antsahampano tamin'ny "sommet 2012" izay natao tany Antananarivo.

FITONDRAM-PANJAKANA

- ***Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny kaominina***

Fanamarihana
Tsy ahitana vehivavy ny amin'ny mpanolontsaina

Ireo kômity ao amin'ny kaominina

	Lahy	**Vavy**	**Fitam-barany**	**% Lahy**	**% Vavy**
Mpanolo-tsaina	04	00	04.	100%	00%
Mpanatanteraka	02	01	03	66,66%	33,33%
Mpiasan'ny Kaominina	09	11	20	48%	52%
Fitambarany	**15**	**12**	**27**	**55,55%**	**44,45 %**

- ***Fandraisana anjara***

Misy ny vehivavy sy ny lehilahy ary samy mandray anjara amin'ny fitenenana amin'ny sehatry ny fivoriambem-pokonolona ary samy manome soso-kevitra fa tena tsy raisin-dreo lehilahy ireo mihintsy ny hevitry ny vehivavy, hany ka manjary tsy misy dikany akory ny fandanian'ny vehivavy fotoana mivory eo hoy ireo vehivavy ireo.

- ***Fandraisana anjaran'ny vahoaka***

Mitovy ny fandraisana anjara eo amin'ny fivoriam-pokonolona ary saika ny vehivavy aza no mavitrika kokoa noho ny lehilahy raha eo amin'ny fandraisana andraikitra arak'asa no asian-teny rah any ao amin'ny kaominin'Antsahampano no resahina.

Hetsika Samihafa

Saika ny vehivavy daholo no mandray andraikitra eo amin'ny asam-pokonolona satria marisika dia marisika ny fikambanam-behivavay noho ny fisian'ny famatsiam-bolan' ny "ACPU" ka mampitombo ny isan'izy ireo no sady koa mampazoto azy ireo rehefa misy hetsika maro samihafa eo amin'ny kaominina. Ary asongadina manokana etoana fa ny tanora lahy sy vavy ary ny fikambanam-behivavy no miara-mihetsika fa tsy ny vehivavy irery ihany.

Drafitr'asa hiasana

Fanatanterahana ny fizotran'ny lamin'asa tsara izay efa misy eo amin'ny kaominina

FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY

- Famoronan'asa mba hampilaminana ny fiainana eo amin'ny lahy sy ny vavy ohatra: fanamboarana ankanin-jaza hitaizana ny zaza madinika, afaka mamita ny asany ny mpivady satria efa misy mpitaiza ny zaza, ary manome asa ny tsy manana asa hitaiza ireo zaza madinika
- Fikojakojana ny rano na "borne fontaine" mba tsy haloto ny manodidina, fanaovana "jardin" eo amin'ny manodidina azy.
- Fianarana manita-tsaina amin'ny fikarokarohana hampivelatra sy hampivoatra fiainana ary hampandroso ny firenena amin'ny alalan'ny famatsiam-bola

- ***Famatsiana***

  Mamatsy sakafo, toy vary, voatabia, manga , ary tsy hadino amin'izany ny sira izay mamatsy an'i Madagasikara an'i firenena eto amin'ny faritra Océan Indien. Tsy latsa – danja amin'izany ny famatsiana Tongolo, ohatra izy no mpamatsy tongolo faharoa alohan'i Mampikony. Manome vola ny beantitra koa ny kaominina isam-bolana ho fanampiana azy ireny fa tsy misy trano voatokana ho azy ireo toy ny "hospice"

- **Trano fonenana**

  Hamaroan'ny trano ao dia vita amin'ny fanitso avy eo vita amin'ny baobao sy vato, tsy misy misoratra amin'ny vahoaka ny tany ao fa mbola misoratra amin'i "MANIVICO" hatramin'izao. Tsy dia mbola misy akora azo ampiasaina hanaovana trano ao amin'ny kaominina Antsahampano hatramin'izao. Ny eny Antsahampano kosa dia misy trano vita amin'ny vato maro isan-karazany;

- **Kojakojam-piainana andavan'andro**

  Ny trano fonenana dia saika vita amin'ny baobao avokoa ny vatany fa fanitso kosa ny tafony, ary toy izany avokoa ny hita eny ambanivohitr'Antsahampano.

- **Fahasalamana**
  Voaharo ny fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza,satria manana tobi-pahasalamana ny Kaominina ,ny Fokontany dia efa manana Mpanentana ara-pahasalamana izay notendren'ny Ben'ny Tanana; Ireo fikambanana tsy miankina toy ny MAHEFA ,ONN,dia miara miasa amin'ny Kaominina koa;

- **Fahasalamana sy tontolo iainanana sns.**

  Ny fitantanana ireo Paompin-drano sy jiro azo amin'ny herin'ny hazavana ao no anisan'ny tombony amin'ny fikojakojana ataon'ireo vehivavy eo an-toerana ;

FAMPIDIRANA NY RESAKA MIRALENTA AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA MISY
Drafitrasa hamongorana ny herisetra : Drafitrasa narafitra niaraka amin'ny SATI/ACPU-DS

FANDRAISANA MPIASA

- **Sivana sy fandraisana mpiasa**

  Tsy misy fanavahana ny lahy sy ny Vavy mitovy daholo

- **Drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa**

  Tsy hita taratra amin'ny drafitrasan'ny Kaominina izany ;

- **Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana**

Efa nisy fanofanana mikasika ny Informatique sy fikojakojana ireo angovo na herin'aratra ireo azon'ny mpiasan'ny Kaominina;
Ny fikambanana koa efa nahazo fiofanana amin'ny fitantanana tetikasa;

- **Fihatsarana eo amin'ny asa**

  Famoahana kopy amin'ny alalan'ny fampitaovana manara-penitra toy ny Ordinateur sy ireo kojakojany ,mba hanafaingana kokoa ny asa omena ny vahoaka fa tsy lany fotoana mitapy masinina foana **;**

Tsy voatery hiakatra amin'ny tanan-dehibe foana vao hanao impression na photocopie fa efa manana ny kaominina ka anisan'ny fihatsarana daholo izany.

RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA

- **Teti-bola hampidirana ny miralenta**

  Mbola tsy misy amin'ny kaominina hatramin'izao nefa kosa ny fikambanana eny dia efa mahazo famatsiam-bola avy amin'ny ACPU natokana ho an'ny fikambanan'ny tanora lahy sy vavy ary ho an'ny fikambanam-behivavy

- **Tombana**
  Ny SATI/ACPU-DS ihany no niarahana nanao ny tombana tamin'ireo fampiofanana nataon'ny tamin'ny taona lasa ;

- **Tsanganana pôlitika mahery vaika (Champion du genre)**

CENTRE D'EXCELLENCE

CARTE DES SCORES (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

FIRENENA: MADAGASIKARA
ANARAN'ILAY KAOMININA : Antsahampano

NAOTY 0⟹ 4 0=TENA RATSY 1= RATSY; 2=ANTONONY; 3=TSARA; 4=TENA TSARA

	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	POROFO	NAOTY NOMEN'NY KAOMININA	NAOTY NOMEN'NY GENDER LINKS
SEHATRY NY POLITIKA				
1. Fantatry ny kaominina ve ireo fifanarahana atao eto amin'ny firenena na eo amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina na amin'ny iraisam-pirenena toy ny tamin'ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana ary ny pôlitika hampitoviana hasina ny lahy sy ny vavy?	• Drafitr'asa momba ny miralenta • Hetsika manokana ho fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy na ny Andro iraisam-pirenena hiadiana amin'ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy	• Tatitra • PV sns.	04	
FITONDRAM-PANJAKANA				
Fiheverana				
2. Mitovy ve ny isan'ny lahy sy ny vavy ao amin'ny Filan-kevi-bahoaka	• Isan'ny lehilahy mpanolo-tsaina = 03 • Isan'ny vehivavy mpanolo-tsaina=02	Statistika 60% 40%	00	
3. Mitovy ve ny isan'ny lahy sy ny vavy misahana ireo andraikitra	• Ben'ny tanàna sy lehiben'ny mpanolo-tsaina = L	Statistika 100%	00	

	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	POROFO	NAOTY NOMEN'NY KAOMININA	NAOTY NOMEN'NY GENDER LINKS
anapahan-kevitra momba ny fitondrana ao amin'ny kaominina toy ny Kômitin'ny Filan-kevi-bahoaka, ny Filohan'ny filan-kevitra sy ny kômity mpanatanteraka?	• Ben'ny tanàna lefitra/ lehiben'ny mpanolo-tsaina=L +lefitra= L • Isan'ny kômity tantanà vehivavy =0 • Isan'ny kômity tantanà lehilahy=			
Fandraisana anjara				
4. Samy mandray anjara amin'ny fivoriana ao amin'ny Filan-kevi-bahoaka sy ny kaominina ve na ny lehilahy na ny vehivavy? Raisina ve ny hevi-behivavy rehefa hanapaka hevitra ao amin'ny Filan-kevi-bahoaka sy ny kaominina?	• Ohatra	PV de réunion	00	
Fandraisana anjaran'ny vahoaka				
5. Mitovy ve ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fivoriam-pokonolona sy ny hetsika samihafa eo an-tanàna?	• Ohatra	Sary Lahatsoratra an-gazety PV sns	04	
FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY				
6. Misy tetik'asa manokana ho an'ny vehivavy ve eo amin'ny kaominina? Ary ho an'ny lehilahy manokana?	• Tsena • Ireo nahazo tombotsoa	Plan Communal de Développement (PCD).	04	
7. Samy mahazo tombotsoa amin'ireo asa atolotry ny kaominina ve na ny lahy na ny vavy ?	• Isan'ny vehivavy nahazo asa avy amin'ny alalan'ny kaominina • Isan'ny lehilahy nahazo asa avy amin'ny alalan'ny kaominina	Statistika 50% 50%	04	
Famatsiana sy fandraharahana				

	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	POROFO	NAOTY NOMEN'NY KAOMININA	NAOTY NOMEN'NY GENDER LINKS
8. Manana pôlitika hampitomboana ny isan'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny fandraharahana ve ny kaominina	• Isan'ny vehivavy mpandraharaha	Statistika	03	
Fiovaovan'ny toe-trandro sy fampandrosoana maharitra				
9. Mahafantatra ve ny kaominina fa samihafa ny fiantraikan'ny fiovaovan'ny toe-trando eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy ? Samy alaina ve ny hevitry ny lehilahy sy ny vevhivavy amin'ny fomba iatrehana ny fiovaovan'ny toe-trandro ?	• Drafitr'asa momba ny fiovaovan'ny toe-trandro • Fampandraisana anjara ny lehilahy sy ny vehivavy	Drafitr'asa momba ny fiovaovan'ny toe-trandro Sary/ Horonan-tsary	04	
10. Samy mahazo tombotsoa amin'ireo tetik'asa hiarovana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ve na ny lahy na ny vavy	• Ahoana ny fomba natao hampandraisana anjara ny vehivavy ? • Isan'ny vehivavy miasa amin'ny tetik'asa	Statistika Sary/ Horonan-tsary	04	
Trano fonenana				
11. Manana toro mikasika ny taratasy fananan-tany ve ny kaominina?	• Voatsinjo ve ny miralenta? • Statistika	Fisian'ny drafitr'asa	04	
Fahadiovana				
12. Mandray anjara amin'ny fikojakojana sy fitantanana ny fananana iombonana eo amin'ny kaominina ve ny vehivavy (Ohatra: paompin-drano)	Statistika= 80% Fandraisana anjaran'ny vehivavy	Statistika lahy sy vavy Sary/ Horonan-tsary	03	
Fahasalamana				
13. Voatsinjo manokana ny vevhivavy eo amin'ny hetsika momba ny fahasalamana	• Karazana hetsika • Fandraisana anjaran'ny vehivavy	Sary/ Horonan-tsary	04	
VIH/SIDA sy fikarakarana marary				

	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	POROFO	NAOTY NOMEN'NY KAOMININA	NAOTY NOMEN'NY GENDER LINKS
14. Manana drafitr'asa momba ny fisorohana sy fiarovana ny fihanaky ny VIH/SIDA ve isaky ny tobim-pahasalamana ao amin'ny kaominina?	• Drafitr'asa • Fampifandraisana ny miralenta amin'ny fihanaky ny VIH/SIDA • Fahazoana fitsaboana mitovy na lahy na vavy	Drafitr'asa momba ny VIH/SIDA	02	
15. Manampy ny mpikarakara marary ve ny kaominina ary mampirisika ny fandraisan'ny lehilahy anjara amin'izany?	• Statistika • Fanomezana fampiofanana sy tambin-karama an'ireo mpikarakara marary	Sary/ Horonan-tsary	04	
Fandrosoana eo amin'ny fiainam-piaraha-monina				
16. Manana toro na antontan'isa mikasika ny fampiasana ny fotodrafitrasa momba azy ireny ve ny kaominina? (Ohatra : tranon'ny beantitra, tranom-boky) Samy mahazo tombotsoa amin'izany ve na ny lahy na ny vavy?	• Ohatra • Isan'ny vehivavy sy ny lehilahy mpikambana ao amin'ny centre	Antontan'isa 50%	02	
FAMPIDIRANA NY MIRALENTA EO AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA ATAON'NY KAOMININA				
Drafitr'asa momba ny ady amin'ny herisetra				
17. Misy fepetra raisin'ny kaominina mba hiarovana ny vahoaka	• Jiro		02	
Fanentanana ny vahoaka				
18. Mikarakara hetsika hiadiana amin'ny herisetra ny kaominina (Ohatra : 16 andro iadiana amin'ny hersietra)	• 16 andro iadiana amin'ny hersietra • Teti-bola natokana hanaovana hetsika • Vokatra azo	Tatitra Sary Horonan-tsary Teti-bola	*02*	
Setriny sy fandrindrana				

	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	POROFO	NAOTY NOMEN'NY KAOMININA	NAOTY NOMEN'NY GENDER LINKS
19. Miara-miasa amin'ny mpitandro ny filaminana ny vahoaka sy ny kaominina	• Ahoana ny fiaraha-miasan'ny kaominina sy ny mpitandro ny filaminana? • Misy kômity momba ny ady amin'ny herisetra ve? • Isan'ny lahy sy ny vavy ao amin'ny kômity	Tatitra Sary Horonan-tsary Teti-bola	02	
FANDRAISANA MPIASA				
Sivana sy fandraisana mpiasa				
20. Mitovy ve ny lahy sy ny vavy raisina miasa ao amin'ny kaominina, na eo amin'ny laharam-boninahitra na eo amin'ny fitantanana ary moa ve mandray karama mitovy koa izy ireo rehefa mitovy ny asany?	• Statistika • L=50%; V=50%	Isan'ny mpiasa ao amin'ny kaominina	04	
Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana				
21. Samy omena fiofanana momba ny Miralenta ve na ny lahy na ny vavy ao amin'ny kaominina, isan'ambaratongany ary izany dia atao tsy tapaka na amin'ny fotoana efa voafaritra tsara.	Fampiofanana momba ny Miralenta Fiovana taorian'ny fampiofanana	Tatitra	01	
Fiatsarana eo amin'ny asa				
22. Mitovy ve ny vitan'ny lehilahy sy ny vehivavy manoloana ny asa eo anivon'ny kaominina ary mitovy toy izany koa ve ny zony hahazo fiofanana sy fisondrotana amin'ny asa?	• Congé de maternité/ de paternité • Drafitr'asa momba ny « harcèlement sexuel »	Drafitr'asa	04	
RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA				
Rafitra				

	TONDRO MILAZA NY VOKATRA	POROFO	NAOTY NOMEN'NY KAOMININA	NAOTY NOMEN'NY GENDER LINKS
23. Nametraka rafitra hametrahana ny miralenta ve ny kaominina ary efa voatondro ny olona hiandraikitra izany?	• Anaran'ny mpiandraikitra ny rafitra • Fotoam-pivorian'ny kômity	PV de réunion	00	
Teti-bola				
24. Misy teti-bola natokana hampitoviana lenta ny vehivavy sy ny lehilahy ve ao amin'ny kaominina? Mahazo tombony amin'izany ve ny vehivavy ?	• Teti-bola natokana ho an'ny Miralenta tafiditra ao anatin'ny teti-bolan'ny kaominina	Teti-bola	00	
Fanaraha-maso sy tombana				
25. Misy fomba napetraky ny kaominina ve entina manao fanaraha-maso sy tombana?	• Tatitra • Vahaolana amin'ny olana nisy		01	
TOTALY			63	

FANAMARIHANA HAFA